**PERIKOPA ALAHADY 05 Jolay 2026**
**(Péricope du Dimanche 05 Juillet 2026**

**Salamo / Psaume 145**
**Zakaria / Zacharie 9 : 9 - 10**
**Romana / Romains 8 : 9 - 13**
**Matio / Matthieu 11 : 25 - 30**

**« Mankanesa atỳ amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana,**
**fa Izaho no hanome anareo fitsaharana. »**
*« Venez auprès de moi, vous tous qui portez des charges très lourdes et qui êtes fatigués,*
*et moi je vous donnerai le repos. »*
**Matio / Matthieu 11.28**

## Salamo 145 (MRV)

1 Hanandratra Anao aho, ry Andriamanitro Mpanjaka ô, ary hankalaza ny anaranao mandrakizay doria.
2 Hankalaza Anao isanandro aho ary hidera ny anaranao mandrakizay doria.
3 Lehibe NY TOMPO ka mendrika hoderaina indrindra; tsy takatry ny saina ny fahalehibiazany.
4 Ny taranaka rehetra dia samy hidera ny asanao amin'izay mandimby azy sy hanambara ny asanao lehibe.
5 Ny lazan'ny voninahitry ny fiandriananao sy ny asanao mahagaga no hosaintsainiko.
6 Ny herin'ny asanao mahatahotra no hotenenin'ny olona ary ny fahalehibiazanao no hotantaraiko.
7 Hanonona ny fahatsiarovana ny haben'ny fahatsaranao izy ary hihoby ny fahamarinanao.
8 Mamindra fo sy miantra NY TOMPO, mahari-po sady be famindrampo Izy.
9 Manisy soa ny rehetra NY TOMPO ary ny fiantrany dia eny amin'ny asany rehetra.
10 TOMPO ô, midera Anao ny asanao rehetra ary misaotra Anao ny olonao masina.
11 Milaza ny voninahitry ny fanjakanao izy sady miresaka ny herinao
12 mba hampahafantarana ny zanak'olombelona ny herinao sy ny haben'ny voninahitry ny fanjakanao.
13 Fanjakana mandrakizay ny fanjakanao ary hihatra amin'ny taranaka fara aman-dimby ny fahefanao.
14 NY TOMPO manohana izay rehetra lavo ary mampitraka izay rehetra mitanondrika.
15 Ny mason'izao rehetra izao miandrandra Anao ary manome azy ny haniny amin'ny fotoanany Ianao.
16 Manokatra ny tananao Ianao ka mahavoky soa ny zavamananaina rehetra.
17 Marina NY TOMPO amin'ny lalany rehetra, sady mamindra fo amin'ny asany rehetra.
18 NY TOMPO dia eo akaikin'izay rehetra miantso Azy, dia izay rehetra miantso Azy marina tokoa.
19 Hanefa ny fanirian'izay matahotra Azy Izy ary hihaino ny fitarainany ka hamonjy azy.
20 Miaro izay rehetra tia Azy NY TOMPO, fa ny ratsy fanahy rehetra kosa dia haringany.
21 Ny fiderana NY TOMPO no hotenenin'ny vavako; ary aoka hankalaza ny anarany masina mandrakizay doria ny nofo rehetra.

## Psaume 145 (PDV)

*1 Chant de louange de David. Mon Dieu, mon roi, je veux chanter ta grandeur, je veux te remercier, toujours et pour toujours.*
*2 Tous les jours, je veux te dire merci et chanter ta louange, toujours et pour toujours.*
*3 Le Seigneur est grand, il mérite des louanges, personne ne peut mesurer sa grandeur.*
*4 Chaque génération vantera tes actions à la suivante, elle racontera tes exploits.*
*5 Je redirai combien ta gloire est magnifique, je répéterai tes actions étonnantes.*
*6 On parlera de ta puissance terrible, et moi, je raconterai les choses extraordinaires que tu as faites.*
*7 On se souviendra de ton immense bonté, on criera de joie pour ta fidélité.*
*8 Le Seigneur est rempli de pitié et de tendresse, il est patient et plein d'amour.*
*9 Le Seigneur est bon pour tous, il aime avec tendresse tous ceux qu'il a créés.*
*10 Seigneur, ceux que tu as créés chanteront ta louange tous ensemble, et tes amis fidèles te diront merci.*
*11 Ils parleront de la gloire de ton royaume, ils raconteront tes exploits.*
*12 Ainsi, ils feront connaître aux autres tes exploits et la gloire magnifique de ton royaume.*
*13 Ton royaume est un royaume sans fin et ton pouvoir royal durera de génération en génération. Dieu est fidèle dans toutes ses promesses, il montre son amour dans tout ce qu'il fait.*
*14 Le Seigneur soutient tous ceux qui tombent, il remet debout tous ceux qui sont faibles.*

*15 Tous regardent vers toi avec confiance, et toi, tu leur donnes la nourriture au bon moment.*
*16 Tu ouvres ta main et tu donnes à tous les êtres vivants ce qu'ils désirent.*
*17 Le Seigneur est fidèle dans toutes ses actions, il montre son amour dans tout ce qu'il fait.*
*18 Il est proche de tous ceux qui font appel à lui, de tous ceux qui le font sincèrement.*
*19 À ceux qui le respectent, il donne ce qu'ils désirent, il écoute leurs cris et les sauve.*
*20 Le Seigneur protège tous ceux qui ont de l'amour pour lui, mais il détruit tous les gens mauvais.*
*21 Je chanterai la louange du Seigneur, et tout ce qui vit remerciera le Dieu saint, toujours et pour toujours.*

**ZAKARIA 9 : 9 - 10 (MRV)**

**Ilay mpanjaka hitondra fiadanana**

9 Mifalia indrindra, ry Ziona zanakavavy ! Manaova feo fifaliana, ry Jerosalema zanakavavy; Indro, ny Mpanjakanao avy ho anao. Marina Izy sady mpandresy, manetry tena sady mitaingina boriky, boriky tanora, zanaky ny borikivavy.
10 Hofoanako tsy hisy kalesy fitondra miady intsony any Efraima, na soavaly any Jerosalema; hotapahiko koa ny tsipìka fiadiana. Hanambara fiadanana amin'ny Jentilisa Izy; ny fanapahany dia ho hatramin'ny ranomasina iray ka hatramin'ny ranomasina iray ary hatramin'ny ony Eofrata ka hatramin'ny faran'ny tany.

**ZACHARIE 9 : 9 - 10 (PDV)**

***Le roi attendu établira la paix***

*9 Danse de toutes tes forces, ville de Sion ! Oui, pousse des cris de joie, Jérusalem ! Regarde ! Ton roi vient vers toi. Il est juste, victorieux et humble. Il est monté sur un âne, sur un ânon, le petit d'une ânesse.*
*10 À Éfraïm, il supprimera les chars de guerre, et à Jérusalem, il supprimera les chevaux. Il cassera les arcs de combat. Il établira la paix parmi les peuples. Il sera le maître de la mer Morte à la mer Méditerranée, et du fleuve Euphrate à l'autre bout du pays.*

**ROMANA 8 : 9 - 13 (MRV)**

9 Fa ianareo dia tsy ao amin'ny nofo fa ao amin'ny Fanahy, raha ny Fanahin'Andriamanitra no mitoetra ao anatinareo. Raha misy kosa tsy manana ny Fanahin'i Kristy dia tsy Azy izy.
10 Fa raha Kristy no mitoetra ao anatinareo, na dia maty ihany aza ny tena noho ny ota dia fiainana kosa ny an'ny Fanahy noho ny fahamarinana.
11 Ary raha ny Fanahin'Izay nanangana an'i Jesosy tamin'ny maty no mitoetra ao anatinareo, dia Izay nanangana an'i Kristy Jesosy tamin'ny maty no hamelona ny tenanareo mety maty amin'ny Fanahiny izay mitoetra ao anatinareo.
12 Koa amin'izany, ry rahalahy, dia mpitrosa isika, tsy amin'ny nofo anefa ka ho velona araka ny nofo.
13 Raha velona araka ny nofo ianareo dia tsy maintsy maty; fa raha ny Fanahy kosa no amonoanareo ny asan'ny tena dia ho velona ianareo.

**ROMAINS 8 : 9 - 13 (PDV)**

*9 Or, vous, vous ne suivez plus ces désirs, vous suivez l'Esprit de Dieu parce qu'il habite en vous. Si quelqu'un n'a pas l'Esprit du Christ, il n'appartient pas au Christ.*
*10 Mais le Christ est en vous. Bien sûr, votre corps va mourir à cause du péché. Mais, puisque vous avez été rendus justes, l'Esprit Saint vous donne la vie.*
*11 Dieu a réveillé Jésus de la mort. Si l'Esprit de Dieu habite en vous, ce Dieu qui a réveillé le Christ de la mort donnera la vie par son Esprit à vos corps qui doivent mourir.*
*12 C'est pourquoi, frères et sœurs, nous avons une dette. Ce n'est pas envers nos désirs humains que nous avons une dette : nous ne devons pas vivre comme ils le demandent.*
*13 Si vous vivez en suivant ces désirs, vous mourrez. Au contraire, si, avec l'aide de l'Esprit Saint, vous faites disparaître vos façons de faire égoïstes, vous vivrez.*

**MATIO 11 : 25 - 30 (MRV)**

**Ny Ray, ambaran'ny Zanaka**

25 Tamin'izany andro izany koa Jesosy niteny hoe: Midera Anao Aho, Ray ô! Tompon'ny lanitra sy ny tany, fa nafeninao tamin'ny hendry sy ny manan-tsaina izany zavatra izany nefa nasehonao tamin'ny zaza madinika.
26 Eny, Ray ô! Satria izany no sitraponao.

27 Ny zavatra rehetra dia natolotry ny Raiko Ahy; ary tsy misy mahalala tsara ny Zanaka, afa-tsy ny Ray; ary tsy misy mahalala tsara ny Ray, afa-tsy ny Zanaka sy izay tian'ny Zanaka hanehoana Azy.
28 Mankanesa atỳ amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana.
29 Ento ny ziogako ka mianara amiko; fa malemy fanahy sady tsy miavona am-po Aho; dia hahita fitsaharana ho an'ny fanahinareo ianareo.
30 Fa mora ny ziogako ary maivana ny entako.

**MATTHIEU 11 : 25 - 30 (PDV)**

***Jésus fait connaître son Père aux petits***

*25 Peu de temps après, Jésus dit : « Père, Seigneur du ciel et de la terre, je te dis merci. En effet, ce que tu as caché aux sages et aux savants, tu l'as fait connaître aux petits.*
*26 Oui, Père, tu l'as bien voulu.*
*27 « Mon Père m'a tout donné. Personne ne connaît le Fils, sauf le Père. Personne ne connaît le Père, sauf le Fils. Mais le Fils veut montrer le Père à d'autres pour qu'ils le connaissent aussi. »*

***Venir auprès de Jésus pour trouver le repos***

*28 « Venez auprès de moi, vous tous qui portez des charges très lourdes et qui êtes fatigués, et moi je vous donnerai le repos.*
*29 Je ne cherche pas à vous dominer. Prenez donc, vous aussi, la charge que je vous propose, et devenez mes disciples. Ainsi, vous trouverez le repos pour vous-mêmes.*
*30 Oui, la charge que je mettrai sur vous est facile à porter, ce que je vous donne à porter est léger. »*